Suivi Citoyen par les OSC de la transparence et la Redevabilité de l'Education

FIANTSOANA FANOLORANA TETIKASA SEKOLY MENDRIKA

1- Zava-misy:

Ho fanatsarana ny kalitaon'ny fanabeazana eto Madagasikara, ny tetikasa SCORE dia manao tantsoroka ny FEFFI sy ireo mpisehatra hafa vonona mandray anjara amin'ny fampiroboroboana ny fanabeazana fototra eny ifotony. Ireo tantsoroka dia voafaritra miainga amin'ny vokatry ny fizohiana sy fanarahamaso nataon'ny firaisamonim-pirenena. Nomena lanja misimisy kokoa ireo asa mamaly ny fampiantiana sy ny filàna manokan'ireo olona/ankizy tena (ireo miaina anaty fahantrana tena lalina, anaty faritra misedra loza voajanahary matetika na ny voka-dratsin'ny fiovaovan'ny toetrandro …), ny ankizivavy ary ny ankizy manana fahasembanana.)

Raha miresaka fampiroboroboana sy fanatsarana ny fanabeazana dia anisan'ny mpisehatra tsy azo iodivirana ny fiaraha-miasa amin'ny firaisamonim-pirenena eny ifotony. Izy ireo no hery voalohany anananan'ny tetikasa SCORE izay mitondra tantsoroka eny anivon'ireo FEFFI. Ny taona 2023, SCORE dia nitondra tantsoroka manokana ho an'ireo sekoly voasokajy ho "MENDRIKA" taorian'ny fanombanana ireo fivoarana tsara nentin'ny fiaraha-miasa teo amin'ny FEFFI sy ny firaisamonimpirenena ary koa tamin'ny alalan'ny fiantsoana fanolorana tetikasa. Marihina fa ireny tetikasa ireny dia voarakitra ary nivoaka tao amin'ny TeSI mampivoatra.

Mba ho fanohizana ny ezaka efa natao amin'ny fanamafisana ny FEFFI, ny tetikasa SCORE dia miantso ireo firaisamonimpirenena eny ifotony hanolotra tetikasa fampandrosoana sy fanatsarana ny fanabeazana izay mifandraika amin'ny filan'ny sekoly.

2- Tanjona:

Izao antso tetikasa izao dia mikendry indrindra ny fanatsarana ny kalitaon'ny fanabezana eny ifotony amin'ny alalan'ny fanamafisana ny fiaraha-mientan'ny FEFFI amin'ireo mpisehatra sy mpiara-miombon'antoka hafa ho fanatanterahana ireo asa sy hetsika voarakitra anaty TeSI mba hanatsarana ny voka-panadinana sy ho tombontsoan'ny ankizy Malagasy rehetra.

Kendrena manokana amin'izany ny:

- Fanatsarana ny kalitaon'ny fanabeazana eny anivon'ireo sekoly izay iasan'ny tetikasa SCORE
- Fanombanana ireo vokatry ny asa notanterahan'ny tetikasa SCORE teny anivon'ireo sekoly mpisitraka
- Fampidirana ny ankizy rehetra any an-tsekoly, indrindra ny ankizy vavy, ny ankizy marefo ary ny ankizy manana fahasembanana
- Fitazomana ireo ankizy tsy hiala sy hitsoaka an-daharana, indrindra ireo ankizy vavy sy ireo ankizy marefo ary ny ankizy manana fahasembanana
- Famahana ny olan'ny fahatapahan'ny fampianarana manoloana ireo hamehana sy loza voajanahary samy hafa

3- Vokatra andrasana:

Aorian'ny fahatanterahan'ny tetikasa dia

- Voajery manokana ireo sekoly miavaka sy mivoatra taorian'ny fanatanterahana ireo tantsoroka izay niarahana tamin'ny SCORE

- Mihatsara ny kalitaon'ny fanabeazana, ny mangarahara ary ny tamberinandraikitra eny anivon'ny fanabeazana fototra
- Mitombo ny taha fidirana an-tsekoly indrindra ho an'ny ankizy vavy, ny ankizy marefo ary ny ankizy manana fahasembanana
- Mihena ny fitsoahana an-daharana eny anivon'ny sekoly indrindra ho ny ankizy vavy, ny ankizy marefo ary ny ankizy manana fahasembanana
- Mandray fepetra araka ny zavamisy ny FEFFI raha misy ny fahatapahan'ny fampianarana manoloana ireo hamehana sy loza voajanahary samy hafa

4- **Fepetra takiana amin'ireo FEFFI mandray anjara:**

Ireto no fepetra takiana amin'ireo FEFFI manolotra tetikasa:

- Mahafehy ny tanjona sy ny lalam-piovana kendren'ny tetikasa SCORE
- FEFFI izay nandray anjara ary nahitana fivoarana nandritra ny fizohiana sy fanarahamaso fahaefatra sy fahadimy nataon'ny tetikasa SCORE
- Nanao fanentanana sy fanetsehana mpisehatra roa raha kely indrindra sy fanetsehana fiarahamonina handray andraikitra manoloana ny fanatsarana ny fanabeazana eny ifotony
- Mahafantatra ireo olana sedrain'ny FEFFI eo anivon'ny sekoly iasan'ny tetikasa SCORE
- Vonona hijery sy hamaha ireo olana sedrain'ny ankizivavy, ankizy marefo ary ankizy manana fahasembanana eo amin'ny sehatry ny fampianarana
- Afaka manolotra olona mahafeno ny fepetra takiana hisolo tena amin'ny fifandraisana amin'ny SCORE

Fepetra ho an'ny olona atolotry ny FEFFI:

- Tsy manana fiandaniana ara-politika
- Tsy talentsekoly na mpampianatra
- Afaka mitarika olona amin'ny fanatanterahana asa eny ifotony
- Olona mipetraka eny anivon'ny fokontany hiasan'ny tetikasa SCORE sy iorenan'ny sekoly
- Olona mahay mamaky teny sy manoratra

5- **Fepetra isafidianana ny tetikasa:**

Ny tetikasa atolotra dia mamaly ireo fepetra ireto:

- Nivoaka avy tamin'ny TeSI mampivoatra izay narafitry ny FEFFI
- Niarahana nandrafitra temin'ireo mpisehatra hafa mba ho fanatsarana ny fanabeazana - -
- Manatsara ny kalitaon'ny fanabeazana eny ifotony
- Hita tara taratra mazava ny fanatsarana ny mangarahara sy ny tamberinandraikitra eo anivon'ny FEFFI amin'ny alalan'ny fanatanterahana ny tetikasa
- Mampisongadina ny fandraisan'andraikitry ny FEFFI amin'ny fampidirana na fitazonana an-tsekoly ireo ankizy vavy, ankizy marefo ary ankizy manana fahasembanana
- Manasongadina ny fandraisana andraikitry ny mpiara miombon'antoka hafa amin'ny fanatanterahana azy
- Mitondra vahaolana manoloana ny fahatapahan'ny fotoam-pianarana manoloana ny loza voajanahary amin'ny toerana voakasik'izany

6- Fanamarihana:

Ireto fandaniana ireto dia tsy ekena :

- Fividianana tany na trano
- Fividianana fananana misoratra amin'ny anaran'olon-tokana
- Famerenana trosa sy zana-bola
- Fampindramam-bola amin'ny hafa
- Fandoavana karaman'ny mpampianatra, mpandraraha, gardien
- Fampandehanan-draharahan'ny FEFFI na ny sekoly
- Fampihodinam-bola

7- <u>Antontan-taratasy ilaina</u>:

Ireo FEFFI vonona sy mahafeno ireo fepetra voalaza etsy ambony dia asaina handefa

ireto antotan-taratasy manaraka ireto:

- Taratasy fanehoam-pahavononana hanatanteraka ny tetikasa vita soanian'ny Birao maharitra miaraka amin'ireo solotenan'ny mpisehatra hiara-hiasa - - - -
- Taratasy fanolorana ireo olona roa hisolo tena ny tompon'andraikitry ny tetikasa sy fampahafantarana fohifohy azy ireo
- Fitantarana fohifohy momba ireo asa efa vitan'ny FEFFI sy ny vokatry ny fiaraha-miasa tamin'ny SCORE
- Fisy Firaketana ny tetikasa nofenoina ara-dalàna izay mampiseho mazava ireo fandraisana anjaran'ny mpiara-miombonantoka hafa
- Fitanana an-tsoratra ny fivoriana niarahana tamin'ny FEFFI nanapahana ny tetikasa na dika mitovy ny TeSI hahitana mazava ny tetikasa ho tanterahina
- Tatitry ny hetsika natao na fivoriana nentina nanetsehana fiaraha-monina handray anjara amin'ny fanatsarana ny fanabeazana

Raha misy fanampim-panazavana tiana ho azo dia afaka antsoina maimaipoana ny laharana maitso **033 65 065 34** na **034 30 818 02** na **032 32 031 52**

Ny antotan-taratasy feno dia alefa amin'ny adiresy mailaka scoreprojet@gmail.com na aterina/alefa mivantana amin'ireto adiresy manaraka ireto :

SCORE Ambatonakanga, **LOT VB6 Rue Samuel Rahamefy Ambatonakanga** ANTANANARIVO

- **Birao CODE MENABE, MORONDAVA**
- **Birao SCORE/FARAVEHIVAVY, TOLIARA**
- **Birao SCORE/FARAVEHIVAVY, FORT DAUPHIN**
- **Birao ANK'IZY, Radio RF one Ankadirano MANANJARY**
- **Birao MOVEON, AMBOVOMBE**

Ny fara-fandraisana ny antotan-taratasy dia ny **Zoma 16 Janoary 2026**

Soratana eo amin'ny anton'ny mailaka na ny valopy lehibe misy ireo antontan-taratasy misy: « **Anaran'ny tetikasa-Faritra-Distrika-Kaominina-anaran'ny sekoly** »